BRICKAVILLE

# FIARA 4 X 4 NILATSAKA TANATY RANO MANAN-JINA, OLONA 4 TSY HITA POPOKA

4


# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7663 Taona faha-25 Vidiny : 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Alakamisy 07 septambra 2023


TAFAKATRA 28 NY KANDIDÀ HO FILOHA 7

## TOMPON'NY TENY FARANY NY FITSARANA



## AVO MOMBA NY LALAMPANORENANA

MARINA IZANY ! 7

MAHAMAY NY TANÀNA !

ANDRY RAJOELINA 7



NANAIKY HO KANDIDÀ HO FAMALIANA NY ANTSON'NY MPITOLONA

CCESCA - NIU RAZA 2

LANY NY TAPAKILA

FIDY RASOANAIVO 3



NAHAZO SITRAKA TAMIN'NY MPITONDRA MAORISIANA

NAIVO RAHOLDINA 8

"MANAM-PINOANA IZAHAY FA HO LANY NY FILOHA"









Famadihana

# Fomba mampifanohitra ireo tsy mitovy fijery

Vanim-potoanan'ny famadihana izao. Nanomboka tamin'ny volana jolay ka hatramin'ny volana oktobra eo ho eo ny fotoanan'ny famadihana eto amintsika, indrindra ny faritra afivoantany. Fomba amam-panao malagasy hatramin'izay io, saingy noho ny firoboroboanan'ny fivavahana kristiana eto amintsika. Indrindra ny fahamaroan'ny kristiana niroso lalina kokoa amin'ny fanompoana an' Andriamanitra, toa ny hoe lasa mpiandry na fifohazana. Dia manda ary misy mihitsy aza no manenjika ireo mpandala ny fombandrazana toy ny famadihana. Hany ka lasa mampisarabazana sy mampifanohitra ny mpianakavy tsy mitovy fijery ny famadihana. Na eo aza izany, mbola maro na ireo kristiana aza no mamadika eto amintsika. Porofon' izany ny fahamaroan'ny famadihana nanomboka tamin'ny volana jolay mitohy amin'izao volana septambra izao ka hatramin'ny oktobra.



Misy mibahan-dalana ireo mpamadika ireo matetika.

**Fanajana ny razana**

Ny famadihana dia ambaran-dRa Jeannot, mpanandro sady mpandala ny fomba malagasy : "famonosan-damba, famolavolana ny taolam-balon'ny razana. Fanajana sy fangataham-pitahiana amin'ny razana io. Araka ny filazan' ny Ntaolo hoe : raha razambe tsy hitahy, fohazy tao hiady vomanga. Tena mitahy ny razana », hoy izy. Araka ny fanazavany hatrany, saika mitovitovy hatrany ny andro hanatanterahana ny andrompamadihana. "Mitovy ny andron-drazana satria ny olona mpanao zavatra dia mijery ny andro sy ny volana. Amin'ny ankapobeny, ny Adizaoza sy Asorontany no tena tsara", hoy izy. Mikasika ny lamba, dia nambarany fa ny lamba landy dia tsy tsara loatra hamonosana faty lena satria rehefa mipoaka ny razana dia tsy mahazaka ny landy. Natao ho an'ny razana maina maina kosa ny landy noho ny hanitra avo lenta ananany.

Fy

Big MJ

# Hamoaka ny rakikirany farany amin'ny 20 oktobra izao

Nanambara tamin'ireo mpankafy azy i Big MJ fa amin'ny 20 oktobra izao izy,andro hitsingerenan'ny taonany no hamoaka ny rakikirany farany. Nohamafisiny tamin'izany fa tsy hoe tsy hihira intsony akory izy ny dikan'izay fa kosa io no vokatra farany ho avoakany. Misy hira 25 isa ao anatin' izany ka ny 10 amin'ireo niarahany nihira tamin'ny mpanakanto hafa, ny 10 hafa hira hirainy mitokana ary ny dimy ambiny dia hirany taloha ihany fa nasiany fanatsarana. Nanamarika ihany koa moa ity mpanakanto ity fa betsaka ny zavatra sahaniny ankoatra ny maha mpanakanto azy ka izay koa no nahatonga azy nandray izao fanapahan-kevitra izao. Efa betsaka hoy izy ny vita tao anatin'ny sehatry ny mozika ka hiditra amin'ny sehatry ny fandraharahana indray aloha izy. Na izany aza nefa hoy izy dia mbola mamokatra artista hatrany izy amin' ny alalan'ny "big sound studio". Mahakasika ny fampisehoana kosa dia efa ela izy no namoaka ny fandaharam-potoana amin'ity volana septambra sy oktobra ity. Misy ny any amin'ny faritra, misy eto Antananarivo ary misy koa any ivelany. Araka izany dia sady miketrika ity vokatra vaovao ity izy no manatanteraka fampisehoana, antenainy moa fa hankafizin'ny rehetra ny zavatra voarakitra ao.

Tanya R



Mandalo eto Antananarivo aloha izy amin'izao.

Fidiran'ny mpianatra

# Nizara fitaovam-pianarana ho an'ny ankizy sahirana ny MG Stationery sy ny Groupe Madaverte

Fitaovam-pianarana 1200 isa no nozarain'ny Mg Stationery sy ny Groupe Madaverte ho an'ireo ankizy sahirana. Orinasa sy fikambanana iray izay mamokatra ireny fitaovam-pianarana ireny moa izy ireo ka izay no nahatonga azy ireo nanao izao asa soa izao. Tsapan' izy ireo tokoa mantsy fa maro ny ray aman-dreny no sahirana amin'ny fampidirana mpianatra noho ny amin'ny fahalafosan'ny fitaovam-pianarana ka dia nanome izay voatsirabin'ny tanany izy ireo mba hanampiana azy ireo. Anisan'ny nanohana izao fizarana fitaovam-pianarana izao koa moa ny solombavambahoaka voafidy tao Nosy Be, eo koa i Tatie Chris, ny governora an'Androy ary ny solombavambahoaka Johnny voafidy tao Ambohidratrimo. An-kafalina no nandraisan'ireo ankizy sy ray aman-dreny izao fanomezana izao. Mahatsiaro tokoa izy ireo fa tsy irery ary misy ny mitsinjo amin'ny fahasahiranana misy. Etsy andaniny kosa dia nahatsiaro ho nahavita adidy ireto fikambanana sy orinasa ireto miaraka amin'ny mpanohana azy indrindra nahita ny tarehin'ireo ankizy miramirana. Ho azy ireo rahateo dia tsy vita ny hoe mizara fotsiny izao natao izao fa tena manohana an'ireo sahirana amin'ny resaka fianarana izay tena zava-dehibe amin'ny maha olona mihitsy koa.



An-kafalina no nandraisan'ireo ankizy sy ray aman-dreny ny fanomezana.

Tanya.R

**HOTSAKOTSAKOINA**

"Ny bikanao ivelany, tsy maneho ny ao anaty.
Fo madio tsy azo ferana no tena toetra mandra-maty."
Ny Vetso (04. 11. 13)
("Look not on his countenance or on the height of his stature; because I have refused him: For the LORD seeth not as man seeth; for man looketh on the outward appearance, but the LORD looketh on the heart."
I Samuel 16:7b)

Cc Esca Antanimena

## Lany ny tapakilan'ny fampisehoan'i Niu Raza amin'ny sabotsy



Ireo hira 17 voarakitra ao anatin'ny rakikira vaovao "Immigration no entin'i Niu Raza amin'ity fampisehoana amin'ny Asabotsy ity.

Ny Asabotsy izao manomboka amin'ny 3 ora tolakandro etsy amin'ny Cc Esca Antanimena no hanolotra fampisehoana i Niu Raza. Mandalo eto Madagasikara mantsy izy amin'izao fotoana izao ary nanaraotra hihaona amin'ny mpankafy azy. Mandritra ity fampisehoana ity no hanolorany ny rakikira vaovao mitondra ny lohateny hoe "Immigration". Omaly ihany koa no nampahafantarana izany tamin'ny fomba ofisialy tetsy amin'ny Radison city Center ka ireo hira 17 voarakitrao ao anatin'io rakikira vaovao io no entin'i Niu Raza amin'ity fampisehoana ity. Indrisy anefa fa lany tanteraka ny tapakila rehetra amin'ny fampisehoana ka tsy afaka hahita izany ireo nihevitra fa amin'ny andron'ny fampisheoana vao hividy. Tsy mahagaga aloha ny toe-javatra tahaka itony satria mpanakanto iraisam-pirenena ary manana ny lazany any amin'ny tany misy azy any izy. Raha ny filazan'ny gazety any ivelany dia "vehivavy mbola tanora sady mpandraharaha, mpamoronkira, mpihira, mpamokatra i Niu Raza ka tsy ho ela dia hangalatra ny toeran'i Shakira". Niu Raza no anisan'ny Malagasy voalohany, nianatra tao amin'ny Berklee College of Music, any Boston, izay mikatsaka ny hampivelatra ny talentany amin'ny mozika sy hampiasainy ho sehatra hanovana ny fiheverana ny kanto aty Afrika. Mozika Jazz, Rnb, izay adikany amim-pireharehana hoe Rythm sy Beko, ary Afropop. Miaraka amin'ny feony manjavozavo nefa no tena mampiavaka azy.

Tiaray R

Sorabe Malagasy

## Haranty ao amin'ny Bulac Praisy France

Hatramin'ny 30 Septambra, ao amin'ny « Bibliothèque universitaire des langues et civilisations » Bulc paris France ny boky misy ny Sorabe izay niandohan'ny soratra Malagasy. Raha tsiahivina, tamin'ny faramparan'ny taonjato faha-15 dia tonga teto Madagasikara ireo Silamo mpifindra monina, nitondra boky nosoratana tamin'ny teny arabo, mirakitra fahalalana ara-pivavahana majika. Ny fampirantiana dia mikendry ny hampisongadina ny vokatry ny fahaizana mikaroka akademika momba ny lahatsoratra Arabo-Malagasy na ny « sorbianina ». Mba hanaovana izany, dia mitambatra ao afovoan'ny renivohitra Frantsay ireto singa avy amin'ny fanangonana ny tranombokin'ny Akademia momba ny siansa any ivelany sy ny Bulac. Ny fampirantiana moa dia eo ambany fiahian'i Louise Ouvrard sy Narivelo Rajaonarimanana ao amin'ny Institut Nasionalin'ny Teny sy Sivilizasiona tatsinanana (Inalco) sy ny Marine Defosse ao Bulac ireo.

Tiaray R

Tsipy kanetibe - "GOP Boeny"

# 20 tapitrisa Ar no loka hozaraina

Mankalaza ny faha-20 taonany ny klioban'ny APM Mahajanga, taranja Tsipy kanetibe. Tsy avelany handalo fotsiny izany, fa hisy ny hetsika ngezabe hanamarihana izany. Manome fotoana an'ireo mpilalao ity taranja ity ary ny klioban'ny Amical Pétanque Mahajanga, amin'ny 21 sy 22 oktobra 2023 any amin'ny boulodrome manoloana ny sekoly Notre Dame Saint Gabriel sy ao anatin'ny complexe sportif Mahajanga, handray anjara amin'ilay « Grand Open de Petanqe Boeny », natokana ho an'olon-droa miaraka. Eo ambany fiahian' ny FSBM ny hetsika ary handray anjara amin'izany ny avy ao amin'ny « Comité departemental de Petanque Mayotte ». Loka goavana, 20 tapitrisa Ar no hozaraina mandritra izany. Alohan'ny sabotsy 21 oktobra no fandraisana ny anaran'ireo handray anjara. Sokajy maro no hifaninanana amin' ity, anisan'izany ny olondroa miaraka(sur invitation), izay ahitana mpilalao Elites miaraka amin'ny (Gentleman/Boss). 200.000ar ny mise, izay hahazoan'ny mpandresy 6tapitrisa ar miampy amboara. 1 500 000 ar miampy amboara 2 ny an'ny laharana faharoa. Mahazo ny anjarany avokoa ny faha-3-4(700.000ar), ny faha-5hatramin'ny faha-8(150 000ar) sy ny faha-9 ka hatramin'ny faha-16(100.000ar). Ho an'ny olon-droa miaraka vehivavy indray, dia 40 000ar ny "mises". Lelavola 1tapitrisa ar miampy amboara roa no azon'ny tompondaka, homena 500 000ar ny an'ny faharoa ary 100 000ar no hotolorana ny faha-3 sy faha-4. Hitovy amin'izany koa ny an'ny sokajy olon-droa miaraka veterans. Hiavaka ny ho an' ny sokajy olon-droa miaraka tanora(U-17). 20.000ar ny "mises" ho azy ireo saingy hahazo solosaina 2 ny mpandresy miampy amboara. Finday roa miampy amboara ny an'ny laharana faharoa ary kitapo no homena ny faha-3 sy faha-4. Ankoatra izay, hisy ny fifaninanana natokana ho an'ireo ekipa resy tany amin'ny 1/16-ndalana, ka hahazo 750 000ar ny tompondaka ho azy ireo, 250 000ar ny an'ny laharana faharoa ary hahazo lelavola 80 000ar avokoa ny faha-3 sy faha-4.

**Rabenaivo**

Kitra - Fidy RASOANAIVO

# Nahazo sitraka tamin'ny fitondram-panjakana maorisiana

Tsy niandry fotoana ela fa taorian'ny fihaonan'ny ekipam-pirenena maorisiana sy ny « Coelacanthes » kaômôriana, nandrombahan'ny Club M ny medaly alimo, dia nanambara tamin' ny mpanazatra Fidy Rasoanaivo ny Minisitry ny Fanatanjahantena Jean Christophe Stpehan Tous-saint fa afa-po ny tenany sy ny mpijery fa nisy fiovana ny baolina kitra maorisiana hatramin'ny nandraisany ny fitantanana ny ekipampirenena tany aminy, na dia vao telo vola monja aza no nandraisany azy. Nampanantena an'i Fidy Rasoanaivo ny tenany fa hitondra ny Club M amin'ny fifaninanana Chan sy CAN ary hatrany amin'ny lalao fifanintsanana amin'ny "Mondial". Eo anatrehan'izany tolotra makadiry izany dia nilaza ny lehilahy fa mbola eo am-pieritreretana tsara amin'ny fanohizany ny fitantanana ny Club M. Raha ny tiako, hoy izy, dia ny anankiray amin'ireo fifaninanana ireo ihany no safidiko. *"Mbola tsy sangany amin'ny mpanazatra aho fa mbola vao mianatra maka traikefa. Anisan'ny nangalako an' izany traikefa izany ny Lalaon'ny Nosy teo, ny COSAFA tatsy Afrika Atsimo, ary ny Tournoi des 4 Nations tao Maurice, nahitana ny fandraisana anjaran'ny ekipam-pirenen'i Pakistan sy Djibouti, nibata ny amboara, ary Kenya ».*

**Mendrika ny Barea de Madagascar**

Nasiany teny ny zava-bitan' ny ekipam-pirenena malagasy tamin'ny lalaon'ny nosy, izay niriany fatratra ny hihaonan'ny Club M sy ny Barea de Madagascar tamin' ny famaranana. Nidera sy nankasitraka ny zava-bitan' ny ekipam-pirenentsika izy. Nanteriny fa mendrika ho an'ny Malagasy ny nahazoana ny medaly volamena. Nampitaha ny Lalaon'ny Nosy 2023 sy 1998 tany La Réunion izy, naha mpilalao azy tao anatin'ny Scorpions de Madagascar. Nanteriny fa nametraka fahatsiarovana ratsy ho azy ny lalao famaranana tamin'i La Réunion, izay mpitsara maorisiana ihany koa no nitantana ny lalao. "*Efa nitarika 2 no ho 0 no resy isika (…). Nanana fair-play izahay ka tsy nikorontana* ". Mikasika ny fahatezeran'ny renioney tamin'ilay mpitsara maorisiana, dia mbola nitohy hatreny amin'ny seranam-piaramanidina Ivato tamin'ny alatsinainy hariva ny fifanjevoana. "*Niaro an'ireo mpitsara maorisiana efa-dahy izahay. Tsy nisy ny naratra fa nasaiko nosamborin'ny zandary ilay nikasi-tanana ahy. Nametraka fitarainana (plainte) izahay. Nasaiko nilamina ny mpilalaoko. Noteneniko mafy ny mpanazatra Jean Pierre Bade fa tsy mahafehy ny mpilalaony. Niaiky ny fahadisoana nataony izy mianakavy. Nilamina ihany ny toe-draharaha* ".

**In-6 tompondaka**

Anisan'ireo mpilalao matihanina malagasy voalohany, nanantevin-daharana ny ekipa tatsy amin'nosy Maurice i Fidy Rasoanaivo, niaraka tamin-dry Nestor sy Bruno Randrianarivony mirahalahy mpilalaon'ny BTM FC fahiny. Taty aoriana dia nanara-dia azy ireo i Françis Rasolofonirina, izay mbola nantsoina nanantevin-daharana ny vodilaharan'ny Club M, izay hitantsika teo Mahamasina tamin' ny lalaon'ny nosy farany teo iny. Fidy sy i Bruno moa dia samy mbola mpanazatra any amin'ity firenena ity. Vao niala tao amin'ny FC BFV i Fidy dia nilalao tao amin'ny Sunrise SC, ka in-6 no nahazoany ny anarana maha tompondakan'i Maurice azy. Tsy niova ekipa mihitsy ny lehilahy fa tao no namaranany ny filalaovana tamin'ny sokajy divizionina voalohany. Rehefa tsy nilalao intsony izy dia nanazatra ny ekipan'ny Olympique de Moka, Beau Bassin Rose hill, ASPL 2000, Pamplemousses SC, Petite Rivière. Amin'izao fotoana izao dia niverina manazatra ny ASPL 2000 izy. Manana mari-pahaizana " Licence C – B – A" avy amin'ny FIFA izy. Nandimby an-dRasoanaivo Etienne "Rasoa" amin' ny fiangaliana kitra ny zanany, dia Itpkl Haja – Rado, misahana ny Tale Tekinika Nasionaly – Titi Rasoanaivo, manazatra ny CFFA. Ny taranak'izy ireo sasany moa dia efa amperinasa amin'ny filalaovana kitra. Tarana-boanjo foto-boanemba ê !



**Manaranaka ny fitiavam-baolina ho an-dry Fidy !**


**aris rafaly**

Tompondaka maneran-tany rugby

# Handefa manontolo ny lalao ny Blueline TV

Ho tanterahina manomboka ny 8 septambra 2023 izao any Frantsa ny tompondaka maneran-tany amin' ny lalao baolina lavalava. Handefa manontolo ny lalao, ny Blueline Tv, izay diffuseur officiel. Hafaliana ny an'ireo mpankafy rugby malagasy izay efa sasamiandry tokoa io fotoan-dehibe io. Maro ihany koa ireo fandaharana mialoha sy aorian'ity lalao iraisam-pirenena ity afaka arahina mivantana, torak' izay ihany koa ireo magazine sy ny fotoana manandanja rehetra mandritra io fifaninanana iraisam-pirenena io. Taorian'ny nandefasan'i Blueline Tv ny fifanintsanana lalao baolina kitra maneran-tany FIFA 2022 natao tany Qatar sy ny FIFA 2023 natokana ho an'ny vehivavy, hahazo ny anjarany ihany koa ireo malagasy an-tapitrisa mankafy baolina lavalava. Ankoatran'ny fizarana sary amin'ny TNT, nitarin'ny Blueline TV ny tolotra nomen'izy ireo amin'ny fandefasana fandaharana ao amin'ny IPTV na Internet Protocol Television amin'ny alalan'ny IzyTV. Izay rehetra manana internet na aiza na aiza manerana ny nosy afaka manaraka izay fandaharana rehetra misy amin'ireo chaine 75 ka anisany ny resaka spaoro.

**Nath**




**Ho afa-po ireo mpankafy baolina lavalava eto Madagasikara amin'izao fifaninanana iraisam-pirenen'ny lavalava izao.**


## PETITES ANNONCES *Gazetiko*

### MIVIDY

* Debara, fanaka, vy, frigo, TV, boky, kilalao, pièce. Rason Jean Jacques. Tél : 034.31.324.79. (G-BA 635/10-5)

* Mm Feno. Mividy kojakoja, fanaka, poketra, kiraro, debara sns. Tél : 033.01.764.83 / 034.22.160.88. (G-BA 639/20-3)

### COURS

* Cours de coiffure acceléré tsisy écolage. Afaka misafidy fotoana hianarana. Tél : 034.51.209.99. (G-BA 641/20-1)

### SERVICE

* Vidange fosse wc perdu, puisard, plomberie, réparation, pompage. Tél : 034.84.866.77. (G-BA 642/6-1)

### VIDANGE

* Vidange fosse, wc perdu, puisard, plomberie, réparat°, pompage, réhabilitat°. Tél : 034.22.595.81. (G-BA 625/20-18)

* Sce vidange fosse sept, puisard, wc perdu, Makiplast, wc gasy. Tél : 034.20.084.25 / 033.21.723.00. (G-BA 638/15-4)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 640/6-2)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 640/6-2)

* Manao asa momban'ny vidange, wc fosse septique et perdu, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 640/6-2)

Brickaville

# Fiara 4x4 nilatsaka tanaty rano manan-jina, olona 4 tsy hita popoka

Fiara tsy mataho-dalana iray no nitsoraka tao amin' ny reniranon'i Rôngarônga, any amin'iny lalam-pirenena faharoa iny, toerana atao hoe Manaradrano kaominin' Ambinaninony, distrikan'i Brickaville, ny alatsinainy teo. Tsy nisy nahita ny nilatsahan'ilay fiara fa ilay takelaka misy ny laharana no nipitika teo amorondrano ka hitan'ny mpandalo. Rehefa nojerena akaiky dia nisy dian'ilay kodiarana ihany koa ka teo no nahalalana fa nisy fiara latsaka tao. Olona 4 no nentin'io fiara io saingy tsy mbola hita popoka izy rehetra ireo, hatreto. Teratany « Egyptiana » sy malagasy 3 no mpandeha tao. Raha araka ny loharanom-baovao dia nisy fiara iray hafa nanaraka taorian' io tra-doza io ka izay no nahafahana nahalala ny zava-misy. Mbola mitohy ny fikarohana saingy hatreto dia tsy hay na maty na velona ireo olona tao anatin' ity fiara niharan-doza ity.

**Mananjina**

*"Efa tafakatra an-tanety ilay "4x4 Rexton 5040-TBS"* saingy tsy mbola hita ireo mpandeha tao. Tsy nisy nipika kosa ny entana fa hita soa aman-tsara avokoa. Ankoatra ilay teratany vahiny Egyptiana antsoina hoe Mohamad abd Elkreem (26 taona) dia nisy zazavavy kely ihany koa anisan' ireo mpandeha tao. Araka ny filazan'ireo tangalamena dia malaza toerana mananjina io toerana nilatsan'io fiara io, ka tsy maintsy nanaovana fomban-tany mba hitadiavana ireo olona voalaza fa mbola karohina.

**Ariel D.**

Morondava

# Ady niafara tamin'ny kapa antsibe, olona iray naratra

Nisy ny ady teo amin'ny fianakaviana iray ka niafara tamin'ny kapa antsibe izany ka olona iray no naratra vokatr'izany. Lehilahy iray 22 taona ihany koa no voasambotry ny polisy. Tany Tsimahavaokely any amin' ny distrikan'i Morondava no nisehoan'izany omaly tokony ho tamin'ny 8 ora maraina. Araka ny fanazavana dia fianakaviany ihany no nokasain'ity lehilahy ity hovonoina. Voalaza mantsy fa nisy ny tsy fifanarahana teo amin'izy ireo ka nitarika ady izany. Nentim-pahatezerana loatra ralehilahy ka tsy nahafehy ny fihetsiny. Nandray antsibe izy dia nokapainy tamin'iny ny tanan'ilay havany ka naratra mafy. Nanoloana ity tranga ity dia nisy avy hatrany ny nampandre ny mpitandro filaminana ka raha vao nandre izany ny polisy dia nankany amin'ilay toerana ary nisambotra an'ilay olona nikapa antsibe. Tamin'io fotoana nahatongavan'ny polisy io moa dia mbola tratra tao ralehilahy ary mbola hita teny aminy io antsibe nikapany ny tanan'ilay fianakaviany io. Araka ny fanazavana azo hatrany aza dia saika ho vonoiny mihitsy ity niharam-boina ity. Taorian' ny fisamborana dia nentina nankany amin'ny biraon'ny polisy izy. Notanana sy natao famotorana tao. **T.H**

Andranomanalina

# 2 lahy nanendaka tratran'ny fokonolona

Tovolahy roa samy 18 taona mpanendaka no voasambotra omaly tokony ho tamin' ny 6 ora maraina teny Andranomanalina sy Antohomadinika. Vokatry ny fiarahamiasa teo amin'ny polisy sy ny fokontany teny an-toerana no nahafahana nisambotra an-dry zalahy ireo. Olona handeha hamonjy ny asany andavanandro no lasibatry ny asa fanendahana tamin'io fotoana io. Niantso vonjeo avy hatrany izy ka raha vao naheno izany ny fokonolona dia nifanome tanana niaranenjika an'ireo olondratsy ka tratra izy roa lahy. Tsy ela ihany koa dia tonga ny polisy raha vao nandre mikasika ny zava-nitranga ka nitondra azy roa lahy nankany amin'ny birao mba hisorohana ny ratra mety hihatra amin'izy ireo. Araka ny fanazavana ihany koa dia anisan'ny olon-dratsy mpanendaka eny amin'iny faritra Andranomanalina sy ny manodidina iny izy ireo. Fantatra ihany koa fa efa mpamerin-keloka ny iray amin'izy ireo ary efa nikoizana amin'ny resaka sintomahery eny amin'iny faritra iny. Mitohy ny famotorana.

**T.H**

Ambatondrazaka

# Vehivavy tratra nitondra rongony tao anaty taksiborosy

Vehivavy iray 31 taona no tratra nitondra rongony tao anaty taksiborosy tany Ankazotsaravolo any Ambatondrazaka afakomaly tokony ho tamin'ny 9 ora maraina. Fiara mpitatitra mampitohy an'i Tanambe mankany Ambatondrazaka izy io. Kilometatra vitsy tsy hidirana ny renivohitr'Ambatondrazaka no nosakanan' ny polisy ilay fiara ary nisy ny fisavana natao, ka nandritra izany no nahatsikaritra fihetsika hafahafa nataon'ity ramatoa iray tao anaty fiara ireo mpitandro filaminana. Nojeren'ireto farany avy hatrany ny entan' io mpandeha io ka nahitana rongony 30 fonosana izay milanja valo kilao. Teo no ho eo dia nentina nankany amin'ny biraon'ny polisy ilay vehivavy nahitana rongony io. Natao famotorana ihany koa ny mpamily ny fiara. Ary naiditra "fourrière" kosa ity farany. Mitohy ny famotorana eo anivon'ny polisy mialoha ny hiakaran'ny raharaha eny anivon'ny fampanoavana.

**T.H**

Mananara Avaratra

# Ankizivavikely vao 2 taona monja, nampisotroina toaka dia naolana

Misy tena efa mifanahim-biby mihitsy ny olona sasany amin'izao fotoana izao satria zazakely vao roa taona monja no nisy nanolana tao Anjiabe, distrikan'i Mananara Avaratra ny faran'ny herinandro lasa teo iny. Tsy vitan'ny hoe naolana fotsiny ilay zazavavikely fa mbola nampisotroiny toaka gasy aloha ka nalemilemy. Tamin'izay indrindra no nanamparan'ilay lehilahy ny filàn-dratsiny tamin'ity zaza ity. Araka ny fanazavàna azo, nisy dia nalehan'ireo Ray amandRenin'ity zaza ity ka napetraka tamin'ilay lehilahy io ilay zaza. Voalaza fa mpiara-monina efa mifankazatra izy ireo ary mpihavana ihany. Noho izany dia efa nametrahan'ny Ray aman-drenin'ilay zaza ny fitokisany tokoa io kanjo nivadika ary tena nahavita zavatra tsy nampoizina mihitsy.

**Tsy hita**

Akory ny hatairan'ny Ray aman-dRenin'ilay zaza rehefa tonga tao an-trano raha nahita ilay zanany nalemilemy tsy fantatra izay mahazo azy. Nentina namonjy dokotera avy hatrany ilay zaza ka rehefa natao ny fizahana dia hita fa nisy nanolana izy ary simba tanteraka. Teo vao samy zendana izy mivady raha nandre ny nahazo ilay zaza ka nikaroka ilay lehilahy nametrahany azy saingy tsy hita ny nanjavonan'io. Mbola manaraka fitsaboana any amin'ny hopitaly moa ilay zaza amin'izao noho ny zavatra nahazo azy.

**R.C**

Fenoarivo

# Ahiana ho mpitandro filaminana ny anankiray tamin'ireo voatifitra

Jiolahy efa mpamerin-keloka ireo aty voatifitra, omaly alina teny Fenoarivo. Ny taona 2019: dia voarohirohy tamin'ny raharaha famonoana mpivarokena (tifitra basy) izy ireto ary efa naiditra am-ponja nandritra ny 2 taona saingy afaka noho ny fisalasalana. Ny taona 2022 dia voampanga ho nampiantrano dahalo ary nahatrarana basy poleta sy bala. Ny taona 2023 izy ireo izao maty voatifitra izao ary sarona niaraka amin'ny basy kalachnikov. Ankoatra izay dia nisy fanamiana an'ny mpitandro ny filaminana ihany koa no sarona tany amin'izy ireo. Izany hoe ahiana ho mpitandro filaminana ny anankiray tamin'ireo voatifitra. Mbola tsy nitondra fanazavana mikasika izany kosa ny tomponandraikitra fa andrasana ny famotorana. Nilaza ny teo anivon'ny zandary fa tsy maintsy hatao izay hahitana ny tompon'ilay basy kalachnikov hita tany amin'ireto jiolahy ireto. Raha hiverenena ny tranga dia ny talata tokony ho tamin'ny 6 ora sy fahefany hariva no nisy efa-dahy nikasa hanafika "Quincaillerie" teny Fenoarivo Alakamisy. Nahazo loharanom-baovao mikasika izany ny zandary ka nanao ny fidinana ifotony.

**Fanadihadiana**

Raikitra ny fifampitifirana tamin'ireo jiolahy ireo amin'ny toerana antsoina hoe Ambohidrazana. Vokatr'izany dia Jiolahy roa no maty tsy tra-drano ary iray hafa voatifitra teo amin'ny feny ary iray kosa tafatsoka. Fitaovam-piadiana maro no sarona tany anisan'izany ny Basy Kalachnikov miaraka amin'ny bala, Sabatra, ary « Barre à pince ». Mbola mitohy ny fikarohana ny naman'ireto jiolahy ireto. Misokatra ny fanadihadiana.

**Ariel D.**

MANAL'AZY DE MI'MEME



## Sarisary zary tenany

*Be isa*




## Hatsikana an-tsary

*Tsy tia*




## Masoandro Miposaka

**Mika 3 : 6**

6 Koa izany no hisian'ny alina aminareo, ka tsy hisy fahitana, Ary ny maizina aminareo, ka tsy hisy fankatovana; Fa hilentika tsy hanazava ny mpaminany ny masoandro, Ary ho maizina aminy ny andro,

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




## Ohabolana



**Totozy sy voalavo, iray volo fa tsy iray raharaha.**

Les souris et les rats : ils ont de même couleur, mais ne travaillent pas ensemble.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana **3043**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 9 | | | 7 | | | 6 | | |
| | 3 | | | 8 | | | | |
| | | | 5 | | | | | |
| | | 4 | | 5 | 1 | | 6 | |
| | | 7 | | | | 1 | | 5 |
| | | | | | 7 | 9 | | 4 |
| | 2 | | | | 8 | | 7 | |
| 5 | 4 | | | | | 8 | 2 | |
| 3 | | | | 1 | | | | |

Valin'ny laharana **3042**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 3 | 5 | 2 | 4 | 7 | 9 | 1 | 8 | 6 |
| 1 | 8 | 4 | 2 | 6 | 3 | 9 | 7 | 5 |
| 7 | 9 | 6 | 1 | 5 | 8 | 2 | 3 | 4 |
| 5 | 6 | 9 | 8 | 3 | 7 | 4 | 2 | 1 |
| 8 | 2 | 7 | 5 | 4 | 1 | 6 | 9 | 3 |
| 4 | 1 | 3 | 9 | 2 | 6 | 8 | 5 | 7 |
| 9 | 4 | 8 | 7 | 1 | 5 | 3 | 6 | 2 |
| 2 | 3 | 5 | 6 | 8 | 4 | 7 | 1 | 9 |
| 6 | 7 | 1 | 3 | 9 | 2 | 5 | 4 | 8 |

## Marina izany !

### Mahamay ny tanàna !

**Roa volana mialoha ny fifidianana, mifamahofaho ny zava-mitranga eto amintsika. Ny pôlitika, miseho lany tsy fifampitokisana eo amin'ny samy mpanohana ny fanjakana. Tsikaritra izany taorian'ny fakan-kevitra nataon'ny lehiben'ny governemanta, napetraka teny Ambohidahy, mahakasika ny fampiharana ny andininy faha-46 n'ny lalam-panorenana, tapany faharoa. Marihin'ny fakan-kevitra amin'izany ny sehatra hampiasana io andininy io sy ny hoe hatraiza ny fahefana? Tsiahivina anefa fa efa mazava ny ambaran'ny lalampanorenana mahakasika ireo ahiahy ireo. Tsy vao sambany rahateo no nisy filoha kandidà nametra-pialàna fa efa nisy izany, tamin'ny taona 2018. Andrasana fatratra izay hambaran'io Andrimpanjakana napetraka manokana hanara-maso ny fampiharana ny lalàna io. Mikasika ny fitantanandraharaham-pankana amin'ny ankapobeny dia tsikaritra ho mahazo vahana ny kifonofono mba tsy hilazana hoe zary lasa fomba fiasa mihitsy. Ahatarafana izany ny tsy fisian'ny mangarahara mahakasika ny lisi-pifidianana sy ny fanomanana izany, amin'ny ankapobeny. Toy izany koa ny fomba fitantanana sy ny famoaham-bola, noho ny fandaniana ny lalàna mifehy ny teti-bolam-panjakana nohavaozina tsy nampandalovina teny amin'ny andrim-panjakana mpanao lalàna. Ny fandriampahalemana, mahamay ny tanàna no azo amehezana ny zava-misy. Tsy misy andro tsy andrenesana asanjiolahy amoizana fananana sy ain'olona mihitsy, saika manerana ny Nosy. Vao omaly no omaly no nanaitra ny rehetra ny fanafihan-jiolahy mitam-piadiana, teny Fenoarivo. Soa ihany fa tonga ara-potoana ny mpitandro filaminana ka nahafahana nisoroka ny asa ratsy saika notanterahan'ireo jiolahy, nitondra fitaovam-piadiana mahery vaika !**

Voahangy Rakotozafy

Antoko RDS

## Mahatsapa fa mananontanona eto ny disadisa pôlitika miseho aty Afrika

Manoloana ny fivoaran'ny toe-draharaha pôlitika eto amintsika, indrindra tato anatin'ny andro vitsivitsy izao dia nivoaka tamin'ny fahanginany ny antoko RDS (Roso ho amin'ny Demôkrasia Sôsialy), tarihin'i Fetison Rakoto Andrianirina. Raha tsiahivina ny votoatin'ny fanambarana dia mahatsapa ny RDS fa mananontanona eto Madagasikara ny disadisa pôlitika miseho amin'ny firenena maro aty Afrika (Soudan, Tchad, Guinée-Bissau, Burkina Faso, Gabon). Araka ny fanamarihan'ny RDS dia anisan'ny miteraka ny disadisa pôlitika aty Afrika ny kolikoly, ny fitantanana tsy ara-dalàna ny raharaham-pirenena, ny elanelana be loatra eo amin'ny sarangan'olona, ny tsy fanajana ny demôkrasia, ny fampiasana ho fitaovana pôlitika ny Andrimpanjakana...Miharihary, hoy ihany ny fanamarihan'ny RDS ny teritery ataon'ny mpitondra amin'ny mpanohitra sy ny sakantsakana tsy ahafahan'ireo kandida ho filoham-pirenena maneho hevitra. Ankoatra izay, mbola olana hafa ihany koa, hoy ny RDS ny fitongilanan'ny sampandraharaha manomana fifidianana sy ny resabe manodidina ny tsy fananan'ny filoham-pirenena zompirenena Malagasy intsony, rehefa feno taona izy no nangataka zom-pirenena Frantsay. Manoloana izany, amin'ny RDS dia tsy tokony hanan-kery ny filatsahankofidian'ny filoha. Soso-kevitra naroson'io antoko io ny tokony hanamafisana ny rafitra demôkratika eto amintsika sy ny tokony hisorohana arak'izay azo atao ny krizy. Isaorana, hoy ny RDS ny fahavononan'ny FFKM nampihaona ny kandida, mba handraisana ny soso-kevitra avy amin'izy ireo.

V.R.

**TANY AMIDY MORA**

TANY ALAKAMISY vers Vontovorona (CUR) :
bord de route 36A.00Ca sy 23A 00Ca, titré, borné.
*Azo zarazaraina :* 500m²
*Prix :* 55000Ar/m²
*Contact :* 034 18 711 29 - 033 11 236 89 Mr Rôd
(Misy tany hafa koa an ! Ambohijanaka)
G-CL000605/3-2

Tafakatra 28 ny kandidà ho filoha

# Tompon'ny teny farany ny Fitsaràna Avo momba ny Lalampanorenana

Nikatona omaly hariva ny fahafahana mametraka ny antontan-taratasy filatsahan-kofidiana ho filohampirenena amin'ny latsa-bato hotanterahina amin'ny faha-9 ny volana Novambra izao. Tafakatra 28 ny isan'ireo kandida naneho fahasahiana handray anjara amin' izany hazakazaka ho eny lavoloha izany, izay nahitana ny Filoha am-perinasa ankehitriny sy ireo filohampirenena mirahalahy teo aloha. Ny dingana manaraka sady andrasan'ny maro fatratra amin'izao fotoana izao dia ny fandinihan'ireo mpitsara sivy mianadahy eo anivon'ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana ireo taratasy filatsahan-kofidiana 28 voapetraka eny aminy. Izy ireo, araka ny voalazan' ny didim-panjakana mikasika ny fomba fikarakara ny fifidianana noraisiana teo anivon'ny Filankevitry ny Governemanta tamin'ny 11 jolay dia tompon'ny teny farany amin'ny famaritana ny lisitra tena izy sy ofisialin'ny kandida ary manana hatramin'ny sabotsy 9 septambra hamoahana izany.

**Sodokan'ny vola**

Mandra-piandry izany, iarahan'ny rehetra mahalala fa ankoatra ny fahamarinan'ny fifidianana dia iankinan'ny mety hisian'ny korontana mialoha sy mandritra ary aorian'ny fifidianana ny HCC, raha toa ka tsy miasa araka ny feon'ny fieritreretany fa mety ho sodokan'ny vola na ny zavatra hafa. Vao omaly ny omaly izao, dia tsy nitsahatra ny nampitandrina io Andrimpanjakana eny Ambohidahy io ireo mpanao politika mpanohitra, indrindra ireo mpamakafaka politika ao amin'ny Miaramanonja tarihan-dry Fidele Razara Pierre sy Me Hanitra Razafimanantsoa. Isan'ny naverimberin'ireto solombavambahoaka TIM ireo tamin'izany ny filazana fa tomponandraikitra amin'izay korontana mety hitranga eto ireo mpitsara sivy mianadahy mpikamban'ny HCC raha tsy manintsana ny Filoha Andry Rajoelina noho ny fizakany zom-pirenena frantsay izy ireo. Mitodika eny Ambohidahy araka izany ny mason'ny olompirenena rehetra manomboka izao.

**Mamy R.**

Andry Rajoelina

# Nanaiky ho kandidà ho famaliana ny antson'ny mpitolona

Fiaingana vaovao ! Izany no azo ilazana ny fanapahankevitra goavana noraisin' Atoa Andry Rajoelina omaly teny amin'ny lapan'ny Fanatanjahantena Mahamasina. Nanambara tamin'ny fomba ofisialy mantsy ny tenany fa vonona ny ho kandidà filoham-pirenena amin'ny fifidianana izay hatao amin'ny 9 novambra ho avy izao. Nanaiky izy ny mbola hanompo ny firenena sy hitondra ny traikefany ho fanavotana an'i Madagasikara, sady ho famaliana ihany koa ny antso ireo mpikatroka TGV sy ireo mpitolona niara-dalana taminy hatramin'izany. Tamin'ny alalan'ny fihaonam-be niarahana tamin'ireo mpikatroka sy mpanohana azy no nanaovany ity fanambarana niezinezeina ity. Tao anatin'ny kabary izay nataony no nilazan'Atoa Andry Rajoelina fa "*tsy misy mahasakana ny sitrapon'Andriamanitra* ». Ny lalàmpanorenana no namela azy hirotsaka ho fidiana fanidroany indray araka ny fanazavany. Nampatsahiviny tamin'izany moa ireo zava-bitan'ny fitondrana nandritra izay efataona mahery nitantanany ny firenena izay.

**Tafapetraka tamin'ny fomba ofisialy**

Fa nifanindran-dalana tamin' ny fihaonana izay nataony teny Mahamasina ihany koa, dia tafapetraka tamin' ny fomba ofisialy teny amin' ny HCC ny antontan-taratasy filatsahan-kofidiny. Atoa Solofoniaina Mickael no solontena nanatitra izany teny Ambohidahy tamin'ny 4 ora sy 7 minitra folakandro. Atoa Andry Rajoelina no kandidà faha-24 nanatitra ny antontan-taratasy teo anivon'ny HCC. Andrasana moa ny lisitra raikitra izay hivoaka ny sabotsy izao, ka ho afaka hifaninana amin'ny fifidianana Filoham-pirenena. Andro vitsy aorian'izay, izany hoe ny 11 septambra no hataon'ny CENI ny antsapaky ny laharan'ny kandidà tsirairay avy ho hita ao anaty bileta tokana.

**JUDD**

Kandidà Roland Ratsiraka

# "Mila Filoha vaovao manana traikefa ny Malagasy"

Mbola te hitondra ny traikefany amin'ny fitantanana ny firenena amin'ny sehatra ambonimbony kokoa ny depiote voafidy tany Toamasina Roland Ratsiraka. Omaly, tonga nametraka ny antontan-taratasy filatsahan-kofidiny teny amin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana io Filohan'ny Malagasy Tonga Saina io. Ben'ny tanàna sy antoko politika ary vahoaka maro no nanao sonia ny firotsahany sy nangataka azy ho kandida ka izao nekeny izao. "*Manantena mafy izahay fa ho tafiditra amin'ny fifidianana fihodinana faha-2 satria ny vahoaka malagasy, manoloana ny fijaliany sy ny fahapotehan'ny firenena, dia mila filoha vaovao nefa manana traikefa ary indrindra madio. Ireo fepetra telo ireo no tena takiana*", hoy ny kandida Roland Ratsiraka naneho fahasahiana, omaly. Marihana, fa ny MTS dia nandray anjara tamin'ny fifidianana hatrany tao anatin'izay 25 taona izay ary niezaka mafy mba hanaja ny maha tany tan- dalana sy ny soatoavina repoblikana toy ny demokrasia sy ny fahaiza mitantana.

**Mamy R.**

**TOLOTRA MANOKANA Gazetiko**

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

***Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.***

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

Naivo Raholdina

# "Manam-pinoana izahay fa ho lany ny Filoha"

"Ny Filoha Andry Rajoelina dia izay tapaky ny vahoaka no tanterahany izay ilay hoe: finoana, fanantenana ary ny fitiavana no lehibe indrindra fa izy dia efa milatsaka. Fombafomba sisa no nataony ary tsy tokony misy eritreritra mihitsy na iray segondra aza fa tsy hilatsaka ho fidiana izany ny Filoha Andry Rajoelina, izahay dia manam-pinoana fa mbola ho lany indray ny Filoha ary hevi-dravina daholo ireny sakantsakana rehetra ireny fa iny niarahantsika nahita iny omaly ny zava-nisy tamin'ny famaliana manetriketrika teny amin'ny lapan' ny fanatanjahantena sy ny kolontsaina teny Mahamasina", hoy ny Solombavambahoaka Naivo Raholdina izay filohan'ny TGV ao amin'ny Boriboritany fahadimy. Izy dia sady nitondra an'ireo mpitarika ny volomboasary rehetra manomboka any amin'ny kartie sy ny fokontany ary ireo tomponandrakitra isan-tokon'ny TGV ao amin'ny Distrika iadidiany teny amin'ny CCI Ivato ny alatsinainy sy talata teo nandritra ny kongresin' ny antoko TGV, nandinihana ny fiainan'ny antoko sy ny fanetsehana an'ireo fototra rehetra isa-paritra ary ny isa-paritany. Nisy ihany koa ireo tombana tamin'ny asa vitan'ny fitondram-panjakana tao anatin'ny efataona sy ny fampandrosoana isam-paritra. Mbola tonga marobe ihany koa teny amin'ny "Palais de sports" ny Solombavambahoaka Naivo Raholdina sy ireo ekipany rehetra nanotrona ny Filoha Andry Rajoelina.

**HAR**

Lalaina Ratsirahonana

# Matoky ny fahefam-pitsarana amin'ny fifidianana

Voapetraka teny amin'ny HCC, na ny Fitsarana avo momba ny lalàmpanorenana, ny antontan-taratasy firotsahan-kofidian'ny kandida amin'ny fifidianana ho filoham-pirenena, Lalaina Ratsirahonana. *"Mino izahay fa handeha soa amantsara ao anatin'ny fahamarinana sy ny fangaharahana tanteraka ny fifidianana. Ny Fitsarana malagasy no manapa-kevitra mikasika ny lalàna hampiharina ao anatin'ny fitsipi-dalao, ka avelao izy hanao ny asany ary mahatoky ny fahendren' ny Fitsarana izahay. Efa nilaza ny FFKM (Fiombonan'ny Fiangonana Kristiana eto Madagasikara) fa vonona amin'ny fikarakarana ny fifampiresahana sy ny fampihavanana ny Malagasy, ka tokony hirosoana izany mialoha ny zavatra rehetra mba hisian'ny filaminana"*, hoy ity kandida natolotry ny antoko Ny Fifavanantsika sy ny Fikambanana An'i Kristy ity. Tamin'ny 10 ora maraina no tonga teny Ambohidahy ny tenany sy ireo mpiara-dia aminy, omaly. Anisan'ny nambarany ho maika indrindra ny fanafoanana ny fahoriana sy ny fijalian'ny vahoaka malagasy toy ny eo amin'ny fandriampahalemana, ny fampiroboroboana ny eny ambanivohitra sy ny aty an-dRenivohitra, ny fanohanana ny indostria malagasy, ary ny fanatsarana ny rafitra rehetra mba hahafan'ny vahoaka maneho hevitra sy miasa an-kahalalahana.

**R. Muray**

Minisitra Elia Assoumacou Béatrice

# Nanao jery todika ny ezaka vita

Nanambara ny fahombiazany sy nisaotra ny Filoham-pirenena ary ny Praiminisitra Rtoa Elia Béatrice Assoumacou tao amin'ny pejy "facebook"-ny omaly ka nilaza fa *"amin'ny anaran'ireo Professeurs Titulaires sy Directeurs de Recherche 79 izay mpikambana ao amin'ny Collectif des Professeurs sy ao amin'ny SECES manerana ny Nosy no itondrako ny teny fisaorana amin'izao fanapahan-kevitra mampiseho fitsinjovana ny Fampianarana Ambony sy Fikarohana nasehonareo izao. Hita maso ireo fotodrafitrasa samihafa natsangana (Campus miisa 10 ary dortoirs miisa 12), izay efa voatokana, miandry fitokanana, sy andalam-pahavitana ankehitriny. Ilaina ny trano fianarana sy trano fonenana ary ny fampitaovana azy ireo indrindra fa ny nandraisana mpampianatra sy mpikaroka 354 ary mpandraharaha 46 hampiodina azy ireo nandritra 3 taona izay"*, hoy izy. Tsy azo adinoina ny "reclassement "ho an'ny mpampianatra, mpikaroka ary mpandraharaha 360 vita tato anatiy 5 taona izay, ny "maintien" 118 ary ny "éméritat" 19 ary ireo miandry fikarakarana amin'izao, raha ny fanamarihan-dRtoa Minisitra hatrany. Nisy ny fampidirana ireo mpandraharaha na PAT oniversite sy IST miisa 3771 ao amin'ny "budget général" ary ny famerenana ny "indemnité de technicité".

**Fandoavana**

*"Maro ny ezaka natao ka isan'izany ireo mpianatra 510 nomena vatsim-pianarana izay lasa nanohy fianarana any ivelany. Tontosa ny fandoavana ora fanampiny ho an'ny oniversite 5, ary manatanteraka izany ny Oniversiten'Antananarivo ankehitriny sy ireo IST. Mitovy amin'izay ihany koa ny fandoavana ny karaman' ireo mpampianatra vakatera tapany voalohany ary karakaraina ny tapany farany amin'izao fotoana izao. Samy naharay ny vacations ny bakalorea 2023 ny oniversite 6 ary efa niroso tamin'ny fandoavana izany ny Oniversiten'Antananarivo sy Oniversiten'Antsiranana, ireo ambiny dia efa manomana ny fandoavana vacations any aminy ihany koa. Ny "indemnités de recherche des retraités" dia samy nahazo ihany koa ny oniversite sy sampam-pampianarana izay efa nahatonga ny taratasy ilaina rehetra. An-dalam-panatanterahana kosa ny an'ireo izay vao nahatonga ny antontantaratasy. Mitohy ny fandoavana ny vatsim-pianarana na teo aza ireo fifanolanana sy fanoherana mahery vaika sy ny fahatarana noho ny fanaraha-maso ny lisitry ny mpisitraka"*, hoy hatrany ny Minisitra. Ekena ary tsapa fa mbola betsaka ireo olana sy aretina mikiky aman-taonany maro ny Fampianarana Ambony sy Fikarohana (nandritra ny 40 taona raha kely indindra) na dia efa samy nandalo fitantanana ny minisitera teto daholo ny karazana mpampianatra sy manam-pahaizana manokana, manomboka amin'ny "Assistant "ka hatramin'ny "Professeur Titulaire "sy "Agrégé", "scientifique "sy "littéraire", sns fa mbola miady amin'ny fanarenana isika hatramin'izao. Misy ireo olana efa voavaha sy nanaovana ezaka.

**Heriniaina A.**

Tahirimbolam-panjakana

# Nahazo fampitaovana informatika

Mandroso ny fanavaozana ny fitantanan-draharaha eo anivon'ny Tahirimbolam-panjakana. Notanterahina omaly ny fanolorana tamin' ny fomba ofisialy ireo fitaovana informatika ho an'ireo toerana fanamarinam-bolam-panjakana 38 eo anivon'ny Tahirimbolam-panjakana sy ireo minisitera. Ny minisitry ny toekarena sy ny fitantanambola, Rindra Hasimbelo Rabarinirinarison, no nanolotra ireo fitaovana teo anatrehan'ny tale jeneralin'ny Tahirimbolam-panjakana ho an'ireo lehiben'ny sampandraharaha 12, izay misolo tena ireo namany. Nahitana solosaina finday 373, printy 158, ary « Desktops » 60. Vy nahitana sy angady nanana ity fampitaovana ity ny fiaraha-miasan'ny Banky iraisam-pirenena sy ny tetikasa PRODIGY (PROjet de Gouvernance Digitale et de Gestion de l'Identité malagasY). Napetraka ho tanjona ny fanohanana ny Tahirimbolam-panjakana amin'ny fampiasana ny kajy mirindra eo amin'ny asa fandoavam-bola. Talohan'ity lanonana ity, dia efa nisitraka fampitaovana informatika toy ny solosaina finday 91, "routeurs wifi" 91 ary printy 101 ireo "Perceptions principales" 89 eo anivon'ny Tahirimbolam-panjakana.



Lanonana fanolorana ireo fitaovana informatika.

**R. Muray**

Prefen'Antananarivo

# Nanetsika ireo mpitandro filaminana

Nandray fepetra manokana ny Prefektioran'ny polisy eto Antananarivo. Omaly, nisy ny taratasy nosoniavin'ny Prefen'Antananarivo, Jly Ravelonarivo Angelo Christian, izay manome baiko ny kaomandin'ny zandarimariam-pirenena, mpitarika ny EMMO/REG eto Analamanga, mba hanetsika ireo mpitandro ny filaminana eo anivon'ny tafika sy ny zandarimaria ary ny pôlisy nasionaly amin'ny fitandroana ny filaminam-bahoaka eto Antananarivo sy ny manodidina. Nihatra avy hatrany nanomboka omaly ka hatramin'ny rahampitso zoma ity baiko ity hoentina mandrava ireo fampitangoronana olona na fihoram-pefy mety hitarika any amin'ny fanakorontanana ny filaminam-bahoaka. Nomarihina tao anatin'ity baiko midina ity fa tsy misy fampiasana fitaovam-piadiana ny fampiasan-kery ataon'ireo mpitandro ny filaminana amin'ny fanatanterahana ny asa. Iaraha-mahalala fa amin'ny faran'ny herinandro ity no hamoahan'ny HCC, na ny Fitsarana avo momba ny lalàmpanorenana ny lisitr'ireo kandida mahafeno fepetra amin'ny fifaninanana fifidianana filoham-pirenena amin'ny 9 novambra.

**R. Muray**

Fokontany Ankidodona - Ambatolampy

# Nahazo paompy telo avy amin'ny Star



Hiditra tsy ho ela ao anatin'ny fotoanan'ny main-tany isika, izany hoe ny volana oktobra, novambra ary hatrany amin'ny desambra. Misedra olana ny ankamaroan'ny olona indrindra amin'ny fahazoana rano fisotro madio. Ho fanampiana ireo mponina 5772 monina ao amin'ny fokontany Ankidodona, hita ao Ambatolampy, nanamboatra paompin-drano telo miaraka amin'ny fitoerandrano lehibe na "chateau d'eau" lehibe iray ny Star. "Mijaly rano izahay satria voatery maka rano any amin'ny loharano izay hita any amin'ny kilometatra maro ny olona rehefa main-tany. Ritra tanteraka ny lavadrano ary faly izahay satria tonga arapotoana izao fanomezana izao. Mangataka anefa izahay mba hasiana paompin-drano ihany koa eny amin'ny EPP satria mijaly ireo mpianatra." hoy Rasoalalarimanana Louisette, lehiben'ny fokontany ao Ankidodona II, Mahazina Ambatolampy. Santionany amin'ny asa sosialy ataon'ny Star ihany izao fampidirana rano fisotro madio izao fa efa nanamboatra efitrano fianarana, lalana ary mbola hanao toerana fanasan-damba ho an'ny vahoaka manakaiky ny ozinina lehiben'ny Star ao Ambatolampy ihany koa izy ireo. Notokanana tamin'ny fomba ofisialy omaly ary natrehan'ireo tomponandraikitra ambony any an-toerana sy ny Tale Jeneralin'ny Star izany fotoana izany.

**Nath**

Gazetiko
Novokarina sy natontan'i MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola Ar 37 452 000
Tale jeneraly : Jeremy RABESAHALA
Talen'ny Fanoratana : Lucien RAHARISON 034 34 697 06
Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana : Herivonjy RAJAONAH 034 34 697 10
Birao sy fandraharahana : Lalana Ravoninahitriniarivo B.P. 1414 - Antananarivo
Tél : 22 697 79 / 22 697 80
Fax. 22 273 51
e-mail : midigazetikom@gmail.com
D.L.I : 16 270 - 09 - 23
Isan'ny natonta : 25 000

**Nahandro**

## Beignets d'oignons rouges

**Zavatra ilaina :** tongolobe, lafarina, fromage, sira, dipoavatra, rano.

**Fikarakarana azy:** tetehina boribory manify ny tongolobe mena. Maka lovia jobo dia atao ao ny lafarina. Asiana *fromazy* la vache qui rit na izay mitovy aminy. Asiana rano tsikelikely ka rehefa mahazo paty marihitra dia mety. Asiana sira sy dipoavatra ary afangaro ao ilay tongolo voatetika. Afanaina anaty lapoaly ny menaka. Endasina tsikelikely amin'izay ny mofo. Atao somary mahazo loko. Aroso mafana. Mazotoa homana !